# ALAHADY FAHA-13 MANDAVANTAONA - TAONA B 2024



***« Anaka, ny finoanao no nahavonjy anao ;***
***mandehana amim-piadanana » (Mk. 5: 34)***

Ry Kristianina havana, mamarana an'ity volana Jiona volan'ny Fo Masin'I Jesoa, Mpiaron'ny diosezintsika isika, ary tamin'ny alarobia teo nankalaza ny fetim-pirenentsika, ny faha-64 taonany. Anio ihany koa isika mamarana ny volan'ny teny malagasy manambara ny maha izy azy ny firenena anankiray ary sambatra isika na dia eo aza ny fahasamihafana amin'ny fivolagnana dia afaka mifankahazo tsara isika eto amin'ny Nosy. Tsy hadinoko fa izao ihany koa isika no manakatona ny volan'ny tsaiky. Mazava ho azy ny volana no mikatona fa ny tsaiky, ny ankizy tsy hoe ho avin'ny firenena sy ny Eglizy fotsiny fa aina mamelona azy satria ny niany ny ho avy fa tsy amaray… Feno fanantenana isika miomana amin'ny Kongresy Eokaristika Nasionaly KEN 2024. Entintsika ambavaka manokana ity firenentsika ity mba haninteraka amin'ny fiainantsika tokoa ilay soatoavina imatimatesana izay zary teny fanevan'ny KEN 2024 : FIHAVANANA HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO …MPIRAY TAMPO ISIKA JIABY KA MIFAMPITSIMBINA MIFANASAO MIKATSAKA NY SOA IOMBONANA ANTOKY NY FANDROSOAN'NY OLONA MANONTOLO SY NY OLON-DREHETRA…Tsy afenina fa ao anatin'ny krizy mafy isika. Milaza miara-mahita fa mafy ny ady atrehina manjaka ny fahantrana amin'ny lafiny maro ka tena mikiky antsika ary mahatonga antsika very fanahy mbola velona ka mahatonga antsika miraviravy tanana ary tena loza dia samy mandeha samy mitady ka lavitra an'ilay fihavanana nofinofisintsika.

**Vakiteny I :** Fah. 1, 13-15; 2, 23-25
**Tononkira :** Salamo 29
**Vakiteny II :** 2 Kôr. 8, 7. 9.13-15
**Evanjely :** Mk. 5, 21-43

Mananatra antsika ny tenin'Andriamanitra izay atolotry ny Eglizy amin'izao Alahady faha-13 izao fa indrindra ny taratasin'I Md Paoly amin'ny vakiteny faharoa. Mbola hiverenantsika lalindalina rehefa avy eo.

Araka ny voalazantsika teo dia izao Alahady tsotra faha-13 mandavantaona izao ihany no amaranantsika an'ity volana Jiona volan'ny Fo Masin'I Jesoa ity ary anombohantsika ihany koa ny fanjava satserdotaly, ny mois sacerdotal, volana manandanja ho antsika eto amin'ny diosezy satria fotoana hivorian'ny pretra rehetra eto amin'ny diosezy. Entintsika am-bavaka mba hizotra izany fihaonana izany. Miavaka tokoa ny fivoriana amin'ity fanjava ity satria fanjava satserdotaly mitondra antsika amin'ny KEN ary fantatsika ny mampifaningotra sy mampifameno ny Pretra sy ny Eokarisita.. Angatahantsika àry ny Fahasoavan'Andriamanitra sy ny Fitsilovan'ny Fanahy Masina hanampy antsika. Tsy hoe miala amin'ny Sinaody faha-7 isika amin'izany satria ireo étapes na dingana 2 efa vitantsika dia manampy antsika hiroso amin'izao KEN izao. Maro amintsika manontany aiza ny vokatra. Ny vokatra voalohany dia isika. Maninona tsy mbola misy boky… Marina tokoa zatra mahita vokatra isaky ny mahavita sinaody. Tsy mitovy amin'ny mahazatra ny ataontsika satria tahaka ny sinaody iombonana eran-tany dia misy dingana na fijanonana na étapes entintsika handavorariana ny fiainantsika. Noho izany hatsaraina isaky ny etape ny dia ataontsika ka na misy hafatra sy famintinana dia tsy mbola tena raikitra ka izay no tsy hanolorana azy manontolo amintsika fa rehefa efa vita ny fiarahan-diantsika dia tsy maintsy misy boky ary io no ataontsika hoe TOROLALANA PASTORALY mandrafitra ny pastoraly eto amin'ny diosezy ka samy hahazo ny anjara toerany ny rehetra, ny tolagna dia ny pretra, ny voatokana ary ny EOV jiaby ka ho EGLIZY VELOMIN'NY BATEMY MIARA-DALANA MANDRAY AN-TANANA KA ZARY MISIONERA TABERNAKLA VELONA. Araka ny hitantsika dia tsy sanatria entre parenthèse na récréation izao KEN izao fa manampy antsika hiroso amin'ny fijanonana faha-3 na étape faha-3 dia ny FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MIFAMPITSIMPINA MIFANASOA MIKATSAKA NY SOA IOMBONANA.

Manantena isika fa ho départ vaovao sy Pantekoty izao KEN 2024 na dia eo aza ny krizy marolafy ka mahavelom panantenana ny zava-misy. Tsy inona izany fa izao hetsika sy fiaraha-mientana iarahantsika Olo Araiky Jiaby miatrika ny KEN izao. Tsy raharahan'ny olom-bitsy fa antsika jiaby. Tsy misy tokoa ny kisendrasendra fa tian'Andriamanitra hambara amintsika tokoa ny sitrapony ary ny zava-drehetra dia entin'Andriamanitra hahasoa an'izay tia Azy. Entintsika am-bavaka ny fanjava satserdoaly sy izao KEN 2024 izao.

Mifanaraka tsara, mifanojo amin'ny lohahevitra atolotry ny Eglizy amin'izao Alahady faha 13 izao izany hetaheta izany, izany vinavina izany. Tsy inona tokoa no tadiavin'Andriamanitra araka ny lohahevitra amin'izao Alahady faha-13 izao fa "Ny hahavelona antsika", ka hahatonga antsika ho génération mpanorina sy hahatonga antsika ho mpamokatra, izany no maha EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA ANTSIKA.

Ny vakiteny voalohany Bokin’ny Fahendrena izay manipika mazava tsara fa tsy avy amin’Andriamanitra ny fahafatesana, tsy Andriamanitra no nanao fahafatesana, tsy irin’Andriamanitra na oviana na oviana ny hahafaty antsika fa isika no be siasia ka nanota. Vokatry ny fahotana izany hoe fisarahana amin’Andriamanitra no nahatonga ny fahafatesana. Ny fahotana no nampiditra ny fahafatesana eto amintsika. Ny fialonan’ny demony no nidiran’ny fahafatesana amin’izao tontolo izao. Voatariky ny demony isika matetika ka toy izay mamelona dia mamono na amin’ny teny ataontsika aza. Fantaro fa tena mamono isika rehefa magnasaha ireny. Ny vava ratsy ataontsika dia tena mamono satria feno fankahalana sy fanilikilihana ka manapotika ny hafa. Matetika isika mamono amin’ny ataontsika hatramin’ny zaza madinika mbola am-bohoka aza, ny tsy manan-tsiny dia efa vonointsika amin’ny fanalana zaza, amintsika magnadoso tsaiky (avortement). Matetika isika voatarika amin’ny asan’ny demony ka zary mamono noho ny fialonana ohatra ny nataon’I Kaina izay namono an’i Abela rahalahiny, zava-misy hatramin’ny voalohan’ny fiandohan’izao tontolo izao ka mitohy hatramin’izao. Indrisy àry mihamafy vokatr’izao krizy izao. Araka ny voalazantsika ilay soatoavina imatimatesantsika avy no potika dia ny Fihavanana. Ny fahafatesana no mampibaribary ny voka-dratsin’ny krizy. Milaza miara-mahita isika fa noho ny fahotana dia voasarika isika hanao ny ratsy, manapotika isika ary tsy isika samy isika ihany fa manapotika koa ny zava-boahary amin’ny fandoroana ala. Fantaro fa ireo motro, afo ataontsika ireo dia manapotika ny ala ary ny taranaka no maty vokatr’io motro ataontsika io. Io no lazain’ny Eveka amin’ny taratasy hafatra Pantekoty nataony. Izay mandoro ala mamono taranaka. Fahafatesana izay misy demony fa izay itoeran’i Jesoa sy mitoetra ao amin’i Jesoa dia miova ny fiainany. Averimberintsika matetika fa mila ny fiovana sy fanavaozana ny fiainantsika ary raha te-hihavao isika dia aoka hihaino an’I Jesoa (mot de passe voalohany) mitoetra ao amin’I Jesoa ary hitoeran’i Jesoa (io no mot de passe faharoa) ary aoka hanompo tahaka an’I Jesoa ka hifanampy sy hifampitsimbina (io no mot de passa fahatelo)

Enga anie amin’izao “mois sacerdotal” izao ho tsapantsika eveka, pretra, relijiozy, lahika kristianina EOV isika tolagna miomana amin’izao KEN izao fa ny mihaino an’I Jesoa sy mitoetra ao amin’i Jesoa sy itoerany ary ny manompo ao anatin’ny fahamarinana no mahatonga antsika ho EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA ZARY TABERNAKLA VELONA manorina FRATELLI TUTTI, manorina OLO ARAIKY, manorina FIHAVANANA SADY MALAGASY NO KRISTIANINA HANASITRANA AN’IZAO TONTOLO IZAO.

Tanterahin’i Jesoa izany araka ny ambaran’i Md Marka ao amin’ny Evanjely androany, eo anivontsika tokoa i Jesoa ka mandray azy tahaka an’i Jaira izay vahiny nefa ao amin’I Jesoa tsy misy vahiny na olona manjeny intsony, hoy I Md Paoly, fa Olo Araiky jiaby isika. Isika olombelona no be siasia ka manavakavaka sady mametraka sokajy. Fa I Jesoa Mpampihavana tsy misy efitrefitra. Ny tadiavin’I Jesoa dia isika matoky azy, ary raha matoky an’I Jesoa isika tahaka an’I Jaira dia handray fahasoavana avy Aminy ka hamokatra ny

fiainana. I Jesoa tokoa no nampiova ny fiainany. Niankohoka tamin'ny tongotr'i Jesoa I Jaira niangavy an'I Jesoa hanasitrana ny zanany vavy.

Marary ny fiainantsika, marary ny Eglizy, marary ny fianakaviana, marary ny fiaraha-monina, marary ny firenentsika. Izay no mahatonga antsika hampanao ny sinaody miainga amin'ny fototra. Izay ihany koa ny mahatonga antsika manao ny Kongresy Eokaristika. Aoka ho tahaka an'i Jaira isika hiaraka hitalaho amin'I Jesoa Eokaristia mba hositraniny ka ho tena aim-baovao no entin'ity kongresy ity ho antsika. Handohalika araky ny voalazan'i Md Paoly isika, hivavaka mba hanana ny tena fitiavana marina satria io no mampiova ny fiainantsika. Koa hiaraka hivavaka isika mba hanatona an'i Jesoa ka izy hanoro antsika ny làlan-kombana. “Aza matahotra fa minoa fotsiny ihany”, marina ilaina ny fiekem-pinoana tsy ho tononina am-bava fotsiny fa ilaina kokoa ny maha latsapaka azy ao am-pontsika dia ho voavonjy isika. Araka ny naverimberintsika tato ho ato aoka mba tsy finoana entim-pahazarana fa aoka ho finoana velona.

Ny famantarana faharoa ao amin'ny Evanjely dia azo lazaina fa manamafy ny fampianarana voalazantsika teo satria dia tena finoana velona no hita ao amin'ilay vehivavy nitsi-drà, feno finoana izy ka nitady hikasika na ny lamban'i Jesoa fotsiny aza ary sitrana izy satria nino. Na dia kely sy bitika tahaka ny voatsinapy aza ny finoana, hoy isika, dia mampiova zavatra satria ny voro-manidina tonga mialoka eo amin'ny voatsinapy. Na dia kely aza ny finoantsika manomboka izao sinaody izao, miatrika izao KEN 2024 dia matoky ny Fahasoavan'Andriamanitra ka Izy handavorary antsika ka hampamokatra ny sinaody sy kongresy. Mitaky antsika hanana finoana izao andro iainantsika izao. Hiaraka hatrany amin'i Kristy isika satria izany ny maha-Kristianina antsika ka miaraka Aminy isika hanova ny fiainantsika. Raha manatanteraka ny sitrapony isika dia miova ny fiainantsika. Izany hoe raha manao ny asan'Andriamanitra isika dia Andriamanitra no hanao ny asantsika.

Niditra tao amin'ny tranon'i Jaira i Jesoa. Nitondra an'i Piera sy Jakoba ary Joany I Jesoa niditra tao an-trano. Tadidio fa ireo no mpianatra telo izay nentiny nivavaka teny an-tendrombohitra ary teo imason'izy ireo I Jesoa no niova tarehy. Izany no antenaintsika amin'izao firosoantsika amin'izao sinaody izao ary indrindra amin'izao fiatrehantsika ny Kongresy. Tahaka izy telo lahy isika MAMPANDROSO AN'I JESOA EO ANTSIRANANA ka manantena isika fa ho sitraniny. JESOA FIHAVANANA NO HANASITRANANA ANTSIKA. Izany hoe hahay HIHAINO an'I Jesoa isika, Izy mamakivavky ny tanantsika ka hiova ny fiainantsika ka izany hoe HITOETRA ao aminy ka raha mitoetra ao amin'I Jesoa isika dia HIFANOMPO SATRIA MPIRAY TAMPO.

Efa lo ny fiainantsika vokatr'ireo krizy maro mikiky ary indrisy misy sahy miteny fa tsy misy azo antenaina intsony…

Ry Kristianina havana tonga eto anivontsika Jesoa amin'ny Eokaristia. Tonga Jesoa Mpampihavana hanavao ny fiainantsika Izy no fiainana mamelona antsika raha mandray

Azy isika sy manaiky hitoerany dia Izy no mampitsangana antsika izy. “Mitsangana”, hoy izy tamin’ny zanakavavin’i Jaira. Ny dikany hoe “mitsangana”, “mijoro” tsy vitany hoe velona fa tena miverina amin’ny hasina mahaolona. Ny biby no mirefarefa amin’ny tany, mandady (lazain’Andriamanitra tamin’ny bibilava). Ny zava-mahagaga ataon’Andriamanitra dia misy eo amin’ny fiainantsika ary tsy androany ihany fa hatramin’ny voalohany, tahaka ny hitantsika tamin’ny tantaran’ireo mpaminany toa an’i Elizea satria nampandroso an’Andriamanitra tamin’ny fiainany izy ireo. Izany koa no irintsika amin’izao KEN 2024 izao hampandroso an’i Jesoa amin’ny fiainantsika tsirairay isika, amin’ny tanantsika, amin’ny diosezintsika, amin’ny firenentsika…. Hampandroso azy amin’ny fianakaviana tsiraikiraiky ka zary “eglizy kely”. Hampandroso azy amin’izao “fanjava satserdotaly” izao ka zary senakla tokoa ho anay pretra. Hiara-dalana Aminy isika amin’izao sinaody izao fa izany ny dikan’ny hoe “sinaody”. I Jesoa hilaza amintsika “mitsangana” fa hiroso amin’ny diantsika isika fa indrindra amin’izao “KONGRESY” izao ka ho Pantekoty vaovao tokoa. Isaorantsika Andriamanitra nampahafantatra antsika an’i Jesoa. Enga anie isika samy hahatsapa fa maro ny zavatra manapotika ny fiainantsika na ny fiainan’ny Eglizy na ny fiainan’ny fiaraha-monina na ny fiainan’ny fianakaviantsika, ka aoka isika hahay hampandroso an’i Jesoa mba hahafahantsika mitoetra ao aminy tokoa.

“Ny finoanao no mahavonjy anao”, isika mampiditra an’i Jesoa eo anivon’ny fiainantsika ka mampitoetra azy tokoa ao amintsika ary manatanteraka ny sitrapony dia ny fahamarinana, ny fifankatiavana, ny fahazotoana mivavaka, ny fahatahorantsika azy ary ny fandraisantsika an-tànana, ny fahafoizana.

Manantitrantitra an’izany i Md Paoly ao amin’ny vakiteny faharoa mba hifanampy sy hifarimbona eo amin’ny fiainantsika isika ka hifanasoa ary hanao asa fiantrana, hikarakara sy hikolokolo, izany rehetra izany no vokatry ny fihavaozana. Mahafoy ny fiainany, mahafoy ny fotoana ary mikatroka tokoa, mijoro ho vavolombelona, manompo. Izany no fanatanterahana ny 5F (Fahafoizana, Faharetana, Fahasahiana, Fanetrentena, Fitiavam-bavaka) sy ny 5M (Mivavaka, Mandalim-pinoana, Mikatroka, Manompo, Mandray an-tànana) hahatonga antsika hahameno ireo siny, sajoa enina araka ny hafatr’I Masina Maria tamin’ny Apostoly ka nahatonga ny finoan’izy ireo marim-pototra tsara.

Mananatra antsika i Md Paoly mba hiroso amin’ny lalindalina kokoa. Volana manandanja amintsika eto amin’ny diosezy tokoa ny volana jolay izao ka aoka hanao vavaka totoafo isika tahaka ny nataon’I Jaira hanao lemojy hitalaho mba hohavaozin’Andriamanitra sy ho sitraniny ity fiainantsika tena efa marofy tokoa ka ho tanteraka soamantsara ny KEN izany hoe FIHAVANANA HANASITRANA AN’IZAO TONTOLO IZAO… MPIRAY TAMPO ISIKA JIABY

Ry Jesoa Kristy Tomponay ô, ianao no tompon’ny aina na amin’ny ara-nofo na amin’ny ara-tsaina fa indrindra ny ara-panahy. Indreto izahay Jesoa mitalaho mba ho velominao lalandava amin’ny tena aina mahavelona dia ny Tenanao sy ny Teninao tovozonay ao amin’ny Eokaristia. Mivavaka koa izahay amin’izao volana jolay fanjava satserdotal,mois

sacerdotal izao hanomananay ny Kongresy eokaristika KEN 2024. Enga anie izahay hahay hampandroso anao tahaka an'I Jaira ao amin'ny Evanjely. Ny fiainam-pinoanay anie ho tahaka ny an'i Jaira ka ho sitraninao tokoa izahay ho afaka hijoro vavolombelona ho EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA. Masina Maria Reninay ianao Renin'ny Eglizy kolokoloy, izahay amin'izao fiomanana amin'ny KEN 2024 izao hahay hanao "eny" tahaka anao ka ho "tabernakala velona". Mivavahà mba ho fianakaviana "eglizy kely" koa ny fianakaviana masina tao Nazareta anie no modely ho anay. Md Josefa mivavahà mba ho Baba izahay amin'ny andraikitra nankinina aminay ho Baba mahafoy tahaka anao, ho Baba mijoro amin'ny marina, tsy mivadika amin'ny teny nomena, ho Baba mamelona ny ankohonana nankinina aminay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson